Fiainam-pirenena 3
**Andrasana ny fipoahan'ny sarom-bilany...**

Mpianatra ho zandary 6
**Misokatra ny fifaninanana ho amin'ny andiany faha-77**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 24 martsa 2022 Laharana 1278 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Noho ny olana samy hafa... 3
**Ilaina ny hanaovana fihaonam-bem-pirenena hoy ny Eveka**

FFKM 2

## Mangataka ho afaka hanara-maso fifidianana



Avereno ao amin'ireo televiziôna satelita ny MBS 2

## Mijaly ny any amin'ny faritra mila vaovao tsy mitongilana




Ministeran'ny angôvo sy ny akoranafo 2

## Nametra-pialana ny vadin'ny ministra Lalatiana



Raharaha Danil Radjan 6

## Nitondra fanazavana ny mpisolovava ireo voampanga



Rugby tompon-dakan'i Madagasikara 6
**HIfampitana Ankadifotsy sy ny Cosfa Miaramila**


Mpianatra ho zandary 6
Misokatra ny fifaninanana ho amin'ny andiany faha-77


**Daka kely**

Lamaodinareo mihitsy izany ry Boaikely ity fanerena ny akama hametra-pialana ity a !

AVERENO AO AMIN'IREO TELEVIZIÔNA SATELITA NY MBS

# Mijaly ny any amin'ny faritra, mila vaovao tsy mitongilana

Miha-maro amin'izao fotoana ny fanehoan-kevitra avy any amin'ny faritra, noho ny nanapahana ny televiziôna MBS ao amin'ireo televiziôna satelita toy ny Canal Plus, Startimes, ny Parabole,… Tena efa niharitra ela kosa izy ireo, ka ampy izay, araka ny fanambarana voaray. Mijaly izahay aty amin'ny faritra, mila vaovao tsy mitongilana hoy ihany ny fanambarana, ka mitaky ny hamerenana ny televiziôna sy ny Radio MBS ao amin'ny Canal Plus, ny Startimes ary ny Parabole. Tsy mahazaka demokrasia izao fitondrana izao, ny MBS dia efa nodorana sy nopotehina ny fiandohan'ny taona 2009, ny 26 janoary, nefa tafarina ihany. Tonga teo amin'ny fitondrana ny Filoha Rajaonarimampianina Hery dia nanaiky ny nanokafana indray ity radio televiziona MBS ity. Fotoana fohy taorian'ny nanomezan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny fahefana tamin'ny alàlan'ny didy tsy azo ivalozana, ka nanendrena ny minisitry ny Serasera sy Kolontsaina ankehitriny dia notereny nanapaka ny fifanarahana tamin'ny MBS ireo orinasa mpampita amin'ny alàlan'ny satelita ny fandaharany. Na izany na tsy izany dia nisy ihany no mbola afaka nampita ny fandaharana kenefa dia noteren'ny fitondrana indray, ity orinasa ity tsy hanohy izany intsony. Tsapa araka ity tranga ity fa tsy zakan'izao fitondrana izao mihitsy ny ahafantaran'ny any amin'ny Faritra ny zava-misy marina eto amin'ny Firenena eo amin' ny sehatra rehetra. Misy tokoa mantsy ireo fandaharana ao amin'ny MBS mamotsipotsitra ny fiteniteneana foana, ny hadalàna sy ny tsy fanajàna ny teny notenenina ary fanitsakitsahana ny lalàna velona ataon'izao fitondrana izao. Tsy vitsy amin' izao fotoana ny mitaky ny hamerenana indray ity fahitalavitra tsy miankina ity ao amin'ireo televiziôna satelita eto amintsika toy ny Canal +, na Canalsat, ny Startimes, ny Parabole,… satria zon'ny olompirenena rehetra ny hahazo ny vaovao rehetra, izany dia ao anatin'ny fahalalahana maneho hevitra, sy fahalalahan'ny asan-gazety voafaritry ny lalampanorenana.

*Ny sary famantarana ny radio sy ny televiziona MBS.*

**Isambilo**

FFKM

# Mangataka ho afaka hanara-maso fifidianana

Ho fisorohana ny olana mety hitranga amin'ny fifidianana rehetra ho avy eto amin'ny firenena, mangataka amin'ny tompon'andraikitra mahefa ny FFKM: Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara, ho afaka hanangana fikambanana hanara-maso ny fifidianana eto amintsika. Mangataka ny FFKM mba ho afaka hanangana fikambanana manara-maso fifidianana toy ny KMF/CNOE, ny Safidy,… Manoloana ny fiahiahiana halabato toa izay efa niseho hatram'izay, dia mangataka ny FFKM mba hisoroka izay mety ho olana goavana hitranga eto amin'ny Firenena. Ao anatin'ny adidy sy andraikitry ny Fiangonana mihintsy, ny misoroka ny loza mety hitranga vokatry ny hala-bato, hoy ny fanambarana. Manana rafitra hatrany amin'ny Fokontany ny FFKM, ary koa tena manana olona hanao izany. Io FANARAHA-MASO ny fifidianana kasainy hatao io dia aloha, mandritra ary aorian'ny fifidianana.



*Ireo filoham-piangonana 4 ao amin'ny FFKM.*

**Isambilo**

Kaominina Toamasina

# Manana olana mpiasa mandray karama any amin'ny banky

Manana olana ireo mpiasa mandray karama any amin'ny banky amin'izao fotoana, ho an'ireo mpiasan'ny kaominina, miasa ao amin'ny kaominina Ambonivohitr'i Toamasina. Mbola tsy azo hatramin'izao ny karaman'izy ireo izay halefa any amin' ny banky. Noho izay antony izay, misy ny fanambarana nataon'izy ireo: "izahay Vondron'ny mpiasa ato amin'ny Kaominina Ambonivohitr'i Toamasina dia miantso ny Ben'ny tanàna, mba hanery ny Talen'ny Vola (DAF), Andriamatoa RANDRIAMIANDRISOA Albert François, sy ny Tale misahana ny mahaolona (DRH), Andriamatoa CHRISTIAN Dosy, hamory mpiasa momba ny reasaka virement, ka hitondra fanazavana mahakasika ny :

- antony tsy mety ivoahan'ny Karama virement bancaire hatramin'izao?
- hanome ny daty marimpototra hivoahany.
- ny fepetra noraisin'izy ireo, mba tsy ho lasan'ny banky ny karama jiaby ho viré any.

Izao no atao, mba hialana amin'ny honohono, ka hiteraka tabataba sy ny hoe « NY KARY NO MANAO NY ATAONY, KA NY SAKA NO VOATAPADRAMBO »".



*Ireo mpiasa ao amin'ny kaominina Ambonivohitr'i Toamasina.*

**Niaina**

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Sosialin'ny mpiasa : fotoana fijerena akaiky ny fiahiana azy izao

Raha ny zava-misy re teo anivon'ny tahirim-pirenena ho amin'ny fitsinjovana ara-tsosialy na Cnaps, dia ny hafa ivelany no voatohana bebe kokoa noho ny mpiasa mandrotsaka latsakemboka isam-bolana hiahiana ny fahanterany. Voalaza fa volabe no nomena na nampindramina etsy sy eroa amina orinasa, kaominina, fikambanana, sns... Tena hanao izany marina ve ankoatra ny fiahiana, ny fisotroandronon'ny mpiasa no antom-pisian'io tahirim-pirenena iray io ?

Ny mpiasa amin'ny orinasa tsy miankina no mandrotsaka latsakemboka isam-bolana, miàla amin'ny karamany efa kely aza, ao amin'ny Cnaps. Mazava loatra, fa izy ireo no mandray vola fisotroan-dronono ao rehefa tonga ny fotoana amin'izany. Misy ihany koa, ankoatra izany, ny volan-jaza raisin'ny zanaky ny mpiasa mpikambana, sy ny mikasika ny vokatry ny loza eo amperin'asa. Hatraiza anefa ny fisitrahany izany araka ny tokony ho izy ?

Voalaza sy iaraha-mahalala tsara, fa tena ambany ny vola raisin'ny mpiasa eo amin'ny fotoana fisotroan-dronono kanefa ny fikarakarana ny antontantaratasy ahazoana izany tena be dia be, sy ela vao vita ary tena manahirana tokoa. Mampitaraina ny maro izany nandritry ny efa fotoana ela, fa tsy hita ho nisy vokany. Olona, mpiasa reraka tamin'ny fotoana niasana mbola sahiranina mafy ihany amin'ny resaka taratasy, mba hahafahany mahazo fankasitrahana ho setrin'ny taona maro niasany. Ny hafa tsy nitatatra anefa ery ankilany no ambara ho mikirakira sy misitraka izany vola narotsaky ny mpiasa tao izany.

Tsy tokony ho adinoina velively koa na odian-tsy hita, fa misy anie mpiasa niasa tamina orinasa nanapahana ny karamany nandritry ny fotoana niasany narotsaka ao amin'ny Cnaps. Maro amin'izy ireny anefa avy eo no miàla antenantenany amin'ilay orinasa na nikatona ny orinasa niasany, dia avy eo tsy niasa intsony amina orinasa, fa nanao fivelomantena manokana. Tsy misy resaka ny momba azy ireny ao amin'ny Cnaps. Izany hoe toy ny very vola fotsiny na nanome vola ny Cnaps, mba homeny hamelomana ny hafa ivelan'ireo mpiasa. Sao dia tsy rariny loatra izany, fa mila mba tokony hojerena akaiky ihany. Toy izany koa ny fampitomboana ny vola fisotroan-drononon'ny mpiasa, fa ambany loatra. Antony iray lehibe mampahantra ny firenena izany.

**R.Philémon**

Ministeran'ny angôvo sy ny akoranafo

# Nametra-pialana ny vadin'i Lalatiana

Nanambara omaly ny vadin'ny ministra Lalatiana, i Andry Andriantongarivo, fa nametra-pialana tsy ho sekretera jeneralin'ny ministeran'ny angôvo sy ny akoranafo intsony ny tenany, tao amin'ny kaonty facebookny. Toy izany fanambarana nataony izany: "Araka ny fifampiresahana nataoko nandritra ny fihaonako tamin' Andriamatoa Filohampirenena herinandro vitsivitsy lasa izay, dia nizara taminy aho ny faniriako hiala amin'ny andraikitra maha Sekretera Jeneralin'ny Ministeran'ny angôvo sy ny akoranafo, izay nosahaniko nanomboka ny volana febroary 2020. Koa ankehitriny dia ateriko etoana ny fisaorana azy, nametraka ny fahatokisana tamiko, nandritra izay roa taona izay". Mety efa fantany fa tsy maintsy hoesorina izy tamin'ny filan-kevitry ny ministra omaly, dia ny azy koa no nataony tonga aloha, toy ny nataon'ny ministra Hajo ihany tamin'ny fialany tao amin'ny governemanta.



*Ny vadin'ny ministra Lalatiana, Andry Andriantongarivo.*

**Stefa**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fiainam-pirenena

# Andrasana ny fipoahan'ny sarom-bilany eto Madagasikara

Tsy misy zavatra azo andrasana ankoatry ny fipoahan'ny sarom-bilany sisa eto Madagasikara, amin'izao telo taona sy telo volana nitondran-dRajoelina Andry izao. Tsapa tokoa amin'ny toe-draharaha iainan'ny Malagasy amin'izao fotoana izao, fa milentika ao anatin'ny honahonam-pahantrana sy olana ara-tsosialy mavaivay ny rehetra. Tsy noho ny loza voajanahary nandalo sy mandalo izany toe-javatra izany, fa ny tsy fahaizan'ny mpitondra mitrandraka ny fototry ny olana rehetra, ka hitadiavana vahaolana mahomby sy matotra isaky ny fototry ny olana voatily. Tsy ilaina ny miresaka ny toe-javatra ara-toekarena, satria izany no fototra iray niteraka ny toe-javatara misy sy iainana amin'izao fotoana izao. Olana lehibe koa ny olana eo amin'ny sehatry ny fanabeazana amin'ny ankapobeny, sy ny tsy fananan'asa ary ny ady tany. Mibaribary tsy takona hafenina ny olana misy eo amin'ny ambaratonga rehetra eo amin'ny sehatry ny fanabeazana. Any amin'ny ambaratonga fototra dia saika trano na tsy misy rindrina, na tsy misy tafo, na tsy misy dabilio no misy. Ny mpianatra eny amin'ny tanàn-dehibe sasany dia mba nomena aron'akanjo misy lokom-boasary sy fitaovam-pianarana, saingy ireo any ambany ravinkazo kosa dia nohadinoina tanteraka kanefa ny any no tena sahirana ny ray aman-dreny ary mila fanampiana eo amin'ny lafiny rehetra. Amin'ny ankapobeny dia saika tsy misy mpampianatra ary raha misy dia mampianatra Fram, ka ambany dia ambany ny faripahaizan'ny ankizy. Misy koa ny mandeha an-tongotra kilometatra maro vao misy sekoly, ka tsy vitsy no miala an-daharana noho ireo antony ireo. Eo amin'ny ambaratonga faharoa kosa dia saika eny an-tanàndehibe no misy trano sekoly ary misy ihany ny mpampianatra kanefa tsy manana faharisihana (motivation), satria izy ireny dia anisan'ny saranga sahirana, ka na ny fanomanana ny taranja ampianarina aza tsy tomombana. Tsy mahagaga koa raha ambany ihany ny fari-pahaizan'ny mpianatra satria misy fiantraikany eo aminy ny fahasahiranan'ny ray aman-dreny. Na inona na inona fomba fijery ety ivelany eo amin'ny hamaroan'ny sekoly tsy miankina izay toa manambara, fa manam-bola ny ray aman-dreny dia samy sahirana na ireto farany na ny mpampianatra, na ny mpitantana ny sekoly, izay tsy misitraka ny zo nomena azy tany aloha. Eo koa ireo mpamolavola ny laza adina sy mpitsara fanadinana tsy nandray ny tambin-karamany, efa hatramin'ny telo taona lasa teo amin'izany asa notanterahany izany. Ny eny amin'ny ambaratonga ambony dia tsy misy tsy mitokona na ny mpianatra noho ny vatsim-pianarana efa amam-bolana maro tsy voaray, na ny mpandraharaha izay manana trosa amin'ny ministera ihany koa, na ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra, izay tsy omena ny vola tambin'ny ora fanampiny (heures complémentaires). Vao andro vitsy lasa anefa dia nitokana Oniversite manara-penitra tany Fenoarivo Atsinanana ny filohan'ny Repoblika, nefa ny olana eny amin'ireo efa mitsangana tsy voavaha. Manoloana izao fahasahiranana iainan'ny rehetra izao dia anisan'ny tondro hampiakatra tsikelikely ny maripàna hampangotraka ny rano hitosaka any amin'ny tomponandarikitra eo anivon'ity sehatra ity. Tsy vitsy koa ny mpianatra nivoaka avy eny amin'ny ambaratonga ambony, na avy amin'ireo Oniversite tsy miankina, avy amin'ny Oniversitem-bahoaka, kanefa tsy mahita asa, ka manatevin-daharana ireo tanora efa voaroaka tamin'ny asany noho ny fikatonan'ny orinasa niasany. Tsy manana politika mazava amin'ny famoronana asa, na fananganana orinasa sy ozinina hanome asa ny tanora sy hampisondrotra ny harin-karena anefa ny fitondrana fa ny fampanantenana sy ny fanorenana fotodrafitrasa tsy miteraka na inona na inona ho an'ny mpiray tanindrazana na ny Firenena. Mahalasa saina tokoa ny ady tany tena mahazo laka saika manerana an'i Madagasikara amin'izao fotoana izao. Ny tena olana dia teratany vahiny no mibodo ny tanin'ny teratany Malagasy. Ary ny tena loza dia miaro ny vahiny ireo tokony hiaro ny vahoaka sy ny fananany (mpitandro ny filaminana), sy izay heverina fa fialofan'ny madinika (fitsarana). Amin'ny ankapobeny dia izao fitondrana izao mihitsy no manome vahana ireo vahiny, ka heverina fa mety mahazo tombony amin' izany fanaovana tsindry amin'ny mpiray tanindrazana izany. Tsy resy tsy akory ny olo-mangina, kodiarantsarety ny fiainana ka mbola ho avy ilay maraina hoy ny fahendrena Malagasy, ka ho an-tsain'ny mpitondra fa tsy ampoizina sy tsy hita maso ary tsy azo sainina ny fisian'ny singambolo handavo ny vositra.

*Andry Tsiavalona*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Noho ny olana samy hafa eto amin'ny firenena : Ilaina ny hanaovana fihaonambem-pirenena hoy ny Eveka

**François Raherindrainy:** noho ny olana samy hafa eto amin'ny firenena amin'izao, ilaina ny hanaovana fihaonambem-pirenena hoy ny Eveka Katolika.
**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref:** allô allô Mavoloha... Miantso ny Eveka...
**Rasolo Haritiana :** misy laika te hahazo seza?...
**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref:** Rasolo Haritiana: izany ve no fandraisanareo azy?
**Rasolo Haritiana:** Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref: miandry isika dia samy hahita izay conclusion ary...
**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref:** Rasolo Haritiana: fikaonandoha momba ny olana maro be ve dia seza ro atahoranareo? Tsy efa zarazarainareo @ izay itiavanareo azy ao io ve ny seza ka seza ina koa?
**Rasolo Haritiana:** Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref: ... ôtran hoe vao androany enao no nanaraka fikaonandoha ka tsisy conclusion. Depuis 91...
**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref:** Rasolo Haritiana: te-hiteny izany Tale hoe mitady seza ho an'ny laika ao aminy ny Katolika ?
**Rasolo Haritiana:** Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref: Katolika aho miresaka io dia aleo aloha miandry izay fivoriana izay dia handrasana ny conclusion... hehe!
**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref :** Rasolo Haritiana : pour éviter le pire. Explosion sociale !
**Rasolo Haritiana :** Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref : hevitra tena tsara dia miandry conclusion.
**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref:** Rasolo Haritiana : miandry conclusion fotsiny ve sa mila hirosoana ilay fihaonambe ary handraisan'ny hery velona rehetra anjara ?
**Rasolo Haritiana :** Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref : après fandraisan'anjaran'ny hery Velona rehetra dia handrasana fatratra ny conclusion.
**Rakotonirina Ganguy Rina :** ny Mompera ve mahazo manao politika ?
**Mananjo Rianala Tsiresy Ralay :** ny tsy hisian'ny fipoahana ara-tsosialy mahery vaika no manosika ny fivoriamben'ny Eveka hanao izao. Tena fanampiana lehibe izany, indrindra ho an'ireo miahiahy momba ny seza efa azony satria ZAVADOZA no hitranga raha SANATRIA misy izany fipoahana izany.

KAOMININA IVATO

# Nanomboka asa fanamboaran-dalana omaly

Nanomboka asa fanamboaran-dalana omaly, ny kaominina Ivato any amin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Ireo lalana potika tamin'ny fotoam-pahavaratra teo amboarina amin' izany, tsy ny samba amin'ny arabe ihany, fa hatrany anelakelantrano, hoy ny fiadidiana ny tanàna sy ny ekipany, tarihan'ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa, voafidy tamin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Misy ny fanambarana avy amin'izy ireo mahakasika an'izay:"ho antsika mponina eto Ivato, nanomboka omaly alina ny fanamboaran-dalana eto an-tampon-tanàna mantontolo, ka ialana tsiny ny fanelingelenana aterak' izany. Ho an'ireo mpitondra fiarakodia sy ny mpampiasa lalana rehetra dia ampahafantarina io fanamboarana io, hahafahana miomana amin'ny mety ho fanelingelenana. Ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa dia tsy mandry andro tsy mandry alina amin'ny fikatsahana hatrany ny mahasoana ny vahoaka sy ny tanàna. Na an-tampon-tanàna, na elakelantrano dia mahazo ny asa fanamboarana avokoa, hanatrarana hatrany ny tarigetra, IVATO MAMIRAPIRATRA".

*Stefa*



*Ny fanamboaran-dalana any amin'ny kaominina Ivato Ambohidratrimo.*

## TONONKALO

### FITOKONANA NO ANDRASANA ?

Tsy ho taitra ve `nareo raha tsy efa misy fitokonana,
Ry mampiesona malaza, mpampatory am-pitsanganana ?
Tsy ao an-tsainareo mihitsy izany hoe fahavononana
Mba hamaha ny olam-piainan`ireo ory sy tsy manana ?

Ny hangorona hatrany , izay no hany imasoana,
Ka rehefa be ny azo dia tsy misy mampanahy ?
Hahazaka inona àry raha mipaika ny fotoana
Hiverenana ho vovoka ao ambany rangolahy ?

Tsy ho taitra ve `nareo raha tsy efa misy fitokonana
Hahenoana antsoantso sy kodiarana nodorana ?
Ary ny hany vahaolana dia mazàna fandrahonana
Nolaroina herisetra sy karazam-pisamborana ?

Moa tsy misy fomba tsotra hisorohana an`ireny,
Fa toa ny kilaingalainga no matetika mibahana ?
Sa nivily any amin`ny tsy izy na napetraka ho teny
Ny amin`ny vola fanampiana marobe izay nidedahana ?

Raha misy dia zarao , fa raha tsy misy dia mitsora,
F`hatrizao ny lamasinina toa mihisatra , tsy miainga.
E misosa ny fotoana k`aza miandry ny ho voakora,
Ry mpampiesona malaza sady tena tranon-dainga !

Anio dia mbola ho avy indray ny fivelezana vilany,
Fampiasana kiririoka , f`efa feno ny kapoaka.
Vidim-piainana misondrotra : vahaolana amin`izany
No tadiavo izao dia `zao fa sasa-miandry ny vahoaka !

*IRINA HO TAFITA (Martsa 2022)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fanamboaran-dalana ao amin'ny kaominina Ivato, distrikan'Ambohidratrimo.**









**Ny mpisolovava ireo voampanga tamin'ny raharaha Danil Radjan.**





**Ny filohan'ny Alliance Diaspora Malagasy any ivelany, Amirale Van Alexandre, nandalo teto an-tanindrazana.**





# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**) Vehivavy TIM Analamanga, nikaondoha amin'ny fikarakarana ny fihaonambe hatao ny sabotsy 26 martsa ho avy izao, sady fifampiarahabana tratry ny taona hataon'ny Vehivavy TIM ANALAMANGA ihany koa .**

















RAHARAHA DANIL RADJAN

# Nitondra fanazavana ny mpisolovava ireo voampanga

Na dia efa noafahan'ny fitsarana aza izy 4 mirahalahy voarohirohy momba ny raharaha Danil Radjan ny alatsinainy teo, naverina eny Tsiafahy ihany izy ireo. Manoloana izany, nitafa tamin'ny mpanao gazety ny mpisolovava azy ireo ny talata teo dia Me Fanomezantsoa Heriniaina, sy Me Rambeloson Njivason Nathalie. Nambaran'izy ireo fa nisy ny herisetra nataona mpitandro filaminana tamin'ny olona arovany teny amin'ny fitsarana ny alatsinainy teo, mpitandro filaminana izay mbola saika haka an-keriny ireo voampanga. Mahakasika ity raharaha ity fanindroany no natao ny fitsarana azy ireo ary indroa no nohafahan' ny fitsarana izy ireo. Araka ny nohamafisin'ny mpiaro azy efatra mirahalahy, raha cassation no votoatin'ny didy laharana 357 navoakan'ny Fitsarana Tampony tamin'ny 24 Septambra 2021 dia midika fa rava ilay didy nanafaka azy ireo tamin'ny 3 Jona 2021, laharana faha 295. Tsiahivina anefa raha ny fanazavana, fa matoa rava io didy io dia mihevitra ny Fitsarana Tampony, fa misy porofo hafa tokony nodinihana. Izay no nandrasana tamin'ny fotoampitsarana ny alatsinainy 21 Martsa 2022 izay « première session criminelle » ny taona 2022, satria tsy ampy raha ny herisetra nihàtra tamin'izy ireo fotsiny, no ilazana fa « aveu extorqué », na fiaiken-keloka an-tery no nahafaka azy 4 mirahalahy hoy ireo mpisolovava. Nandrasana avokoa ny porofo vaovao nentin'ireo mpitory saingy tsy nisy izany. Tetsy ankilany nanana porofo mafimafy kokoa sy maro ireo mpiaro ireo voampanga, ka naharesy lahatra ny fitsarana indray hanafaka azy rehetra dia ireo teratany gasy telo sy teratany frantsay iray. Tsy maintsy mijanona amponja kosa anefa izy ireo kanefa tsy sazy akory izany, fa fepetra efa mihàtra manerana ny nosy, fa miandry izay mety ho « pourvoi » ataon'ny fampanoavana ambony anatin'ny 72 ora alohan'ny hivoahany. Ny zava-nisy nampisavorovoro ny alatsinainy teo teny amin'ny fitsarana dia ny herisetra nateraky ny hetsika nataon'ireo avy ao amin'ny Brigade Criminelle, sy olon-tsotra vitsivitsy nanao tenue civile taorian'ny fotoampitsarana tao anatin'ny tribonaly Anosy. Nilaza mantsy izy ireo fa manana didy fampisamborana an'i Lionel LELIEVRE izay iarahany manatanteraka amin'ny Interpol noho ny fitoriana misy any ivelany, saingy tsy nety nampiseho ny didy fampisamborana teny an-tanany izy ireo, na nitaky izany aza ny mpiaro ireo voampanga noafahana. Ny lalàna dia milaza mazava raha ny fanazavan'ny mpahay lalàna, fa raha misy didy fampisamborana dia « écrou » na fonja avy hatrany no mihàtra, fa tsy azo entina tsotra izao ny olona iray. « Tsy ara dalàna ireny amboletra ireny », hoy ny mpiaro ity vazaha ity. Voatery niditra an-tsehatra ireo mpitsara namoaka didy sy ny fampanoavana ambony hilaza fa tsy maintsy mamita ireo 72 ora eny am-ponja aloha izy ireo, izay vao manohy izany procédure izany any Frantsa. Tsotra ny antony : efa voaray hitsara ny Fitsarana Malagasy, ka tsy maintsy mamita izany aloha (règle de la première juridiction saisie) ary ny fampisamborana dia mitondra any amponja avy hatrany. Araka izany, ireo 72 ora ireo dia tsy sazy akory. « Lionel LELIEVRE, kosa dia tsy afaka miala amin'ny Fitsaràna any ivelany, saingy tsy antony izany hanaovana ireny herisetra ireny », hoy ireo mpisolo vava. Milaza ihany koa ireto mpisolovava ireto, fa efa azo ny tapakilan'ny fiaramanidina handehanany any ivelany, azo hatao hoy izy ireo no maka mpitandro filaminana haka azy eny Tsiafahy ary hanaraka azy hatreny Ivato, mialohan'ny handehanan'ny olona arovany any an-dafy.



*Ireo mpisolovava ireo voampanga tamin'ny raharaha Danil Radjan.*

**Niaina**

Mpianatra ho zandary

# Misokatra ny fifaninanana ho amin'ny andiany faha-77

Nisokatra nanomboka omaly 23 martsa ny fifaninanana hidirana ho mpianatra ho zandary andiany faha-77. Misy ny fanambarana avy amin'ny Za ndarimariam-pirenena mahakasika izay: "Antsoina ireo Lahy sy Vavy teratany Malagasy, maniry handray anjara amin' ny fifaninanana hidirana ho mpianatra ho zandary andiany faha 77, fa efa misokatra ny fisoratana anarana amin'izany fifaninanana izany. Mari-pahaizana: manana mari-pahaizana ambonin'ny Bakalorea na ny mitovy lenta aminy.
Taona/halava:
Lahy: 20-30 taona; +1,68 m.
Vavy: 20-28 taona; +1,63 m.
Miaramila: 20-34 taona.
Fanombohan'ny fametrahana ny antontan-taratasy: 23 martsa 2022.
Faran'ny fametrahana antontan-taratasy: 13 mey 2022.
Fifaninanana dingana voalohany: 02 sy 03 jolay 2022.
Fadio ny kolikoly sy ny fisehoana mahafantatra olona ambony. Tsy misy olona na iray aza afaka hampiditra anao ato anivon'ny Zandarimaria, fa ny fahaizana sy ny fahamendrehana ananana ihany", hoy ny fanambarana.
Ny andinindininy momba ity fifaninanana ity koa dia ho hita amin'ireo tobin'ny Zandarimariam-pirenena rehetra manerana ny Nosy.

**Niaina**

Ong TAK

# Nizara fanampiana ho an'olona sahirana miisa 1200

Tokantrano miisa 400 no nisitraka fanampiana ara-pitaovana sy sakafo (vary iray kitapo 50 Kg, vilany, fatapetra,kojakoajandakozia, fitaovam-pianara-na, firakotra "Koweit", voamaina, Ronono…) avy amin'ny Ong TAK (Tetik'asa Ankizy Krismasy), izay natao tetsy amin'ny Kianja Mitafo Mahamasina omaly maraina. Nilaza Andriamatoa Ran- driamananjara Philibert filoha nasionalin'ny Ong TAK, fa ny fiangonana no manome ny lisitr'ireo fianakaviana izay tena sahirana ara-pivelomana eny anivon'ny Fokontany, ka mila fanampiana. Nanohy fanazavana Andriamtoa Philibert, fa ankoatran'ny fizarana sakafo dia miara-miasa amin'ny fiangonana rehetra ny Ong TAK, amin'ny fampianarana ny olona sahirana, ho fanatsarana ny fidiram-bola maharitra toy ny fizarana masom-boly ho an'ny tan-tsaha, ny fiompiana osy, sns… Nanamafy ny filohan'ny Ong TAK, fa tsy hijanona eto an-drenivohi- tra ity tolo-tanana ataon' izy ireo ity, fa tsy maintsy hiparitaka any amin'ny faritra, mba samy hahazo ny anjarany avokoa ny olom-pirenena rehetra.



*Ny fizarana fanampiana nataon'ny ONG TAK tetsy Mahamasina.*

**Franck Razakambelo**

SAMPANA MPANAZAVA SY TILY MIARA-MIASA

# Mikarakara hetsika "Antsan-kiram-piderana"

Ny Vondrona Tily sy Vondrona Mpanazava Fivondronana 370 avy ao amin'ny FJKM Tsiafahy Fihavaozana, sy ny Fivondronana 205 SILOAMA avy ao amin'ny FJKM Anosizato Andrefana, dia mikarakara hetsika iray lehibe "ANTSAN-KIRAM-PIDERANA", izay hotanterahina ny Talata 29 Martsa 2022 amin'ny 2 ora tolakandro, ao amin'ny FJKM FONENANA MASINA FIHAVAOZANA ANOSIZATO ANDREFANA.
Handray anjara amin'izany, ny antoko mpihira AMPIFITIA, TSIARO (La voix d'or); ny mpanakanto nasaina manokana BAREA MAMPIFALY.
Ny tanjon'izy ireo amin'izao hetsika izao, dia ho fampivoarana sy fampiroboroboana ny fanatsarana, ny sehatry ny fanabeazana skotisma ho an'ny fivondronana.
Tsy misy ny vidim-pidirana, fa valopy no zaraina, izay azo raisina ao amin'ny FOIBE SAMPATI FJKM - varavarana 508, sy ao amin'ny FJKM FMF Anosizato Andrefana, sy amin'ny fotoanan'ny hetsika ny talata.
"Tongava maro, fa hery lehibe ho anay ny fanotronan'ise", hoy ny mpikarakara.

**Radafy**

Tenisy Championnats d'Afrique U14, Egypta

# Tamin'ny talata teo no niditra an-tsehatra ny katita Malagasy

Tamin'ny talata 22 martsa 2022 teo, no niditra an-tsehatra ny katita Malagasy, miatrika ny fifaninanana « Championnats d'Afrique U14 », tontosaina any Egypta.
Teo amin'izay 1er jour (1/16-dalana) izay dia toy izao no vokatra azon'ny solontena Malagasy :
Mitia Voavy Andraina nandresy an'i Zara El Zein (Zimbabwe) 6/1, 6/2.
Nicolas Fays nandresy an'i Dilan Da Silva (Zimbabwe) 6/0, 6/0.
Mirija Andriantefihasina resin'i Cheril Elnomrosy (Egypte) 7/6, 2/6, 1/6.
Mirindra Razafinarivo nandresy an'i Lamis Houas (Tunisie) 6/1, 7/5.
Omaly alarobia 23 sy anio alakamisy 24 martsa 2022 dia ny lalao 1/8-dalana no natrehan'ny solontena Malagasy :
Mirindra Razafinarivo - Mitia Voavy Andraina (Madagascar) # Serra Attiv - Sahnoun Nour (Tunisie).
Nicolas Fays - Mirija Andriantefihasina (Madagascar) # Ahmad Wageh Yassin - Reda Ezza Eyad (Egypte).
Match de classement
-Mirija Andriantefihasina (Madagascar) # Nyakundi Ondingo Brian (Kenya).
1/8 èmes de finale du simple :
- Nicolas Fays (Madagascar) vs Tarek Abbes Mohamed (Egypte).
- Mitia Voavy Andraina (Madagascar) vs Yasser Haya (Egypte).
- Mirindra Razafinarivo (Madagascar) vs Judy Tawela (Egypte).

**Rainilita**




*Santionan'ny delegasiôna malagasy any Egypta.*

Rugby eto Madagasikara

# I Mariana Mbaky no hitantana ny tetikasa Alafia

Fantatra izao fa ilay tovovavy Malagasy 21 taona, Mariana Mbaky, no hitantana ny fandaharanasa Alafia, izay tetikasa mikendry ny fandraisana anjara amin'ny firongatry ny taranaka mpanabe sy mpitarika tanora misokatra amin'izao tontolo izao, afaka mampiasa fanatanjahantena handraisana anjara amin'ny sehatra, handray anjara amin'ny firaisankina iraisam-pirenena ary ho fampandrosoana maharitra aty Afrika.
Raha ny marina dia hetsika ahitana fianarana rugby fampianarana isan-kerinandro, fivoriana fanairana tsy tapaka momba ny soatoavin'ny maha-olom-pirenena manerantany sy ny kolontsaina, fiaraha-mientana ara-tontolo iainana, hetsika ara-tsôsialy-fanatanjahantena ary atrikasa fanofanana ho an'ny mpanabe, mpampianatra ary tanora Malagasy amin'ny fahasamihafan'ny fiaraha-monina misy azy izy ity.
Ny fiaraha-mitantana "Terres en Mêlées" sy ny Malagasy Rugby ary ny DREN sy ny DRJS Atsimo Andrefana, tohanan'ny Société Générale ary ny « Sport en commun », no ahafahana manantanteraka an'ity tetikasa ity.
Efa miroborobo any Maroc, Togo ary any Burkina Faso izy ity, ka ho sitrahana eto Madagasikara koa ankehitriny ary any Atsimo Andrefan'i Madagasikara no hanatanterahana azy.
Ankoatra an'i Mariana Mbaky, izay manana ny maripahaizana «Educatrice de rugby » ary efa hatramin'ny faha-16 taonany no niditra teo amin'ny sehatry ny taranja rugby dia efa misy mpampianatra Malagasy miisa 40, no efa voaofana hampita an'izany tetikasa izany ankehitriny ary ankizy mahatratra 4000 isa (eo anelanelan'ny 08 sy 16 taona ary ny 50% amin'ireo dia tovovavy avokoa) any amin'ny sekolim-panjakana any Atsimo andrefan'i Madagasikara any no hisitraka azy: hangonina sy ho beazina.
Marihana fa amin'izao hetsika izao dia mety ho lasa « Ambassadrice de l'égalité de genres à Madagascar et en France » i Mariana Mbaky.

**Rainilita**




*I Mariana Mbaky.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**12/03/2022 hatramin'ny 19/03/2022**

- **GISELE** (AmbodivonikelyAnosivavakaAmbohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (AndravoahangyPrès Epi d'or) 020 22 245 12/034 30 245 45
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1278-03-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**AMBATOFINANDRAHANA**

# Basy miisa 19 tsy ara-dalàna azon'ny Zandarimariam-pirenena

Ambatofinandrahana faritra Amoron'i Mania, Basy miisa 19 tsy ara-dalàna azon'ny Zandarimariam-pirenena. Mitohy hatrany ny ezaka ataon'ny Zandarimariam-pirenena, momba ny ady amin'ny fiparitahan'ny basy tsy ara-dalàna, mba hiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana. Vokatry ny fanentanana nandritra ny "Tagnamaron'ny Fandriampahalemana (TAFA)", tao amin'ny fokontany Ivary kaominina Ambonivohitra sy distrikan'Ambatofinandrahana ny 03 martsa lasa teo, notarihin'ny kapiteny CHRISTIAN Rajakoba, komandy ny vondron-tobim-paritra Ambatofinandrahana dia tonga tao amin'ny Tobin'ny Zandarimaria Ambatofinandrahana nanatitra basy vita gasy miisa sivy amby folo (19), miaraka amin'ny bala miisa sivy (9) ny Sefo fokontany, niaraka tamin' ireo mpiaradia aminy afak'omaly. Notazonina ao amin'ny trano fitahirizam-basin'ny Saiholafy faha-61 : Zandarimaria Ambatofinandrahana ireo basy sy bala ireo.
Mitohy hatrany ny ezaka fanentanana ireo izay mbola minia mitazona ny basy tsy ara-dalàna, mba hanatitra izany eny amin'ny tobin'ny zandarmaria. Namafisina ihany koa ny fitsirihana sy ny fanaraha-maso ny fampiasàna ireo bala natokana ho ampiasain'ny mpitandro filaminana manerana ny nosy.

***Stefa***



***Basy azo tany Ambatofinandrahana.***

Randonnée Ortana volana martsa

# Hatao any Mangabe ny 26 martsa ho avy izao



***Lalana mankany Mangabe, toerana handehanan'ireo mpandray anjara amin'ny randonnée Ortana volana martsa.***


Ho tanterahana any Mangabe, tendrombohitra any Ambohimanga Avaradrano, ny randonnée, na ny fanatanjahantena laroina fizahantany karakarain'ny Ortana, na ny Ofisim-Paritra momba ny Fizahantany amin'ny faritra Analamanga. 20 km mahery eo, any avaratr'Antananarivo, no misy an'i Mangabe, toerana manana ny tantarany ara-kolontsaina, sy eo amin'ny fivavahana nentin-drazana. Ahitana fasana olona nanana ny naha-izy azy tamin'ny nanjakan'ny Mpanjaka Andrianampoinimerina koa any Mangabe dia ny fasan'Andriantsivongo sy Andriantendro, izay mpanandro sy astrôlôgy tamin'izany fotoana izany. Hamakivaky tanimbary, lohasaha sy havoana ary tontolo maitso mavana amin'izany faritra izany, ireo handray anjara amin'ity randonnée Ortana volana martsa ity, 9 km ny lalana handehanan'ireo mpandray anjara. Eo Antaninarenina no fiaingana ny sabotsy 26 martsa maraina io, hihazo an'Ambohimanga ireo mpandray anjara mialohan'ny dia tongotra laroina fizahantany.

***Aly***

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 389**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0388)

***Mitsivalana***
- Kapiteny
- Asa – Fa (miv)
- Ralambo
- Alina
- Tan‡na
- Tevika (miv)
- Aloa – OMS

***Mitsangana***
- Karatra
- Lasa (miv)
- Palitao
- Anaka
- Tomany
- Avo
- Nao – Nem
- IF – Star (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 389




**Mitsivalana**

**1.** Mandeha tsirairay mifandimby **2.** Mari-bola – Loko – Anelanelan'ny fito **3.** Fito andro **4.** Toeram-piasana – Bibilava (miv) **5.** Solfa – Tolona **6.** Manao ahoana **7.** Volana (miv) – Vorona **8.** Farihy lehibe (miv) – Tovona (miv) **9.** Ranomasimbe – Taova **10.** Lasa tsy nisy fanantenana – Tanan-dehibe

**Mitsangana**

**A.** Heloka **B.** Tokana – Marika **D.** Mpanoritra – Mampifankatia olon-droa (miv) **E.** Ao anatinareo ireo **F.** Laoka – Rano maloto **G.** Teny fanandratana (miv) – Maimbo sy masiso **H.** Omby – Maro loko **I.** Raim-pianakaviana – Haja sy voninahitra (miv) **J.** Nianjera, rava **K.** Akora – Teny ratsy

## Valiny Teny mifanaraka 0388

**Mitsivalana**

**1.**Gorodona **2.** Alimo - Sy **3.** Tanimbary **4.** Andrianina **5.** Rora - Divay (miv) **6.** Vata (miv) **7.** Fanina (miv) **8.** Anana - Lova (miv) **9.** Fa - Amalona (miv) **10.** Ony - Aminay

**Mitsangana**

**A** Gitara - Afo **B.** Nanatona (miv) **D.** Randrana **E.** Oliravina **F.** Dimy - Nana **G.** Ombaina - OM **H.** Noana - Faly **I.** Rivo - Van(o) **J.** Siny - Zoma **K.** Fy - Ady - Lay

## NY TENY FIAINANA

*"Fa fony mbola teo aminareo ihany aza izahay, dia nandidy anareo hoe: raha misy tsy mety miasa, dia aoka tsy hihinana izy".*
***II Tesaloniana 3:10***

### Rugby tompon-dakan'i Madagasikara Fédéral 1-2020

# Hifampitana Ankadifotsy sy ny Cosfa Miaramila

Raikitra ihany rehefa voatery nahemotra noho ny hamehana ara-pahasalamana, ny lalao famaranana rugby "Doppel Top 20", na ny "Championnat de Madagascar de rugby Fédéral 1-2020", hifanandrinan'ny ekipan'ny Usa Ankadifotsy sy ny Cosfa Miaramila rugby.
Eny amin'ny kianja Makis toy ny mahazatra, no hanatanterahana ny hetsika amin'ny alahady 27 martsa 2022 ho avy izao, hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro.
Mialohan'izany anefa dia hisy lalao fanokafam-bavony miisa 3 be izao araka ny fandaharam-potoana :
09:00-Ftba Andohatapenaka # Mang'Art Manjakaray,
11:00-Ftm Manjakaray # Jsta Ambondrona,
13:00-Tam Anosibe # Stm Savonnerie.

Mandritra ny fifaninanana manontolo kosa dia hisy ny "animation Dj" hiseho eny amin'ity kianja ity.
Na izany aza dia manambara ny Malagasy Rugby, fa mba ho fitandroana ny fahasalamana, dia noraisina ireto fepetra manaraka ireto :

-Noferana ny toerana hazoana mijery an'ity lalao ity,
- Tsy maitsy manao cache- bouche ny rehetra hanatrika an'izany lalao famaranana izany,
-Hajaina ny elanelana efa vita marika isaky ny 1 metatra,
- Izay misy hafanana eo ampizahana dia tsy afaka hiditra,
- Ny ankizy latsaky ny 10 taona dia tsy afaka hiditra ao amin'ny kianja Makis.
Marihana kosa fa ireo 3.000 tonga voalohany dia hahazo zava-pisotro D'JINO avy amin'ny STAR. Vidim-pidirana : 5000 Ar hoan'ny "Gradin » ary 20.000 Ar ho an'ny "Tribune".

***Rainilita***




***Ny Usa Ankadifotsy sy ny Cosfa Miaramila.***

### Championnat du monde MMA GAMMA 2021

# Sahirana amin'ny handehanana any ivelany ny delegasiôna malagasy

Mbola mipetraka hatrany ny fanontaniana mandraky ny omaly alin'ny alarobia 23 martsa hoe : ho lasa ihany sa tsia ny delegasiôna malagasy andeha hanatrika ny fifaninanana « Championnat du monde MMA "Mixed Martial Arts" à Madagascar" », izay ho tanterahina any Amsterdam Pays-Bas ny alakamisy 24 ka hatramin'ny 27 martsa 2022.
Hatramin'io omaly alina io mantsy dia mbola mandrasana hatrany, ny tapakila hahazoan'ny delegasiôna malagasy amin'ity taranja MMA ity izay ho tarihan'ny filohany, Rakotonindriana Parfait.




***MMA Malagasy.***

Marihana fa mpikatroka 3 mianadahy no hifaninana amin'ity "championnat du monde" hatao any Amsterdam ity, raha ho lasa any an-toerana dia :
-Hantasoanirina Marina sokajin-danja -47,6 kg,
-Rakotomanga Tojo H. sokajin-danja -52,2 kg,
-Rakotomaria Tsinjo sokajin-danja -61,2 kg.

***Rainilita***

### Ligin'Analamanga Volley-ball

# Hofaranana eny Itaosy ny taom-pilalaovana 2021



***Baolina, ho an'ny taranjam-panatanjahantena volley-ball.***

Hofaranana eny amin'ny kianja Akany Sambatra Itaosy, amin'ny alahady 27 martsa 2022 ho avy izao, ny famaranana ny taom-pilalaovana 2021, ho an'ny ligin'Analamanga eo amin'ny taranja volley-ball.
Ny lalao famaranana ny fiadiana ny ho tompondakan'Analamanga eo amin'ny sokajy 2DM, no hotanterahina amin'izany, ka hifanandrinan'ny ekipan'ny Cvb, sy ny ekipan'ny Asi, izay samy nandavo avy ny Mvbc sy Vbcd teo amin'ny lalao manasa-dalana notanterahina tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo.
Fantatra kosa avy amin'ny tompon'andraikitra ao amin'ity ligy ity izay tarihan'ny filohany Raharimalala Léa, fa ho tanterahiana amin'ny alahady heriny 03 aprily 2022, ny fanokafana ôfisialin'ny taom-pilalaovana 2022 hoan'ny ligin'Analamanga eo amin'ny taranja volley-ball.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Lelanomby saosy** indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary karaoty miaraka aminy, ro matsatso anana sy angivy koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny jus-na sôsety sy voasarimakirana

Ny soa azo avy amin'ny jus-na sôsety sy voasarimakirana indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manasitrana ny tsy fahampian-drà, ny diabeta ary ny tosi-drà avo izany. Fomba fikarakarana azy: voasana ny sôsety dia tetehina madinidika, potserina hakana ranony ny voasarimakirana. Afangaro amin'ny alalan'ny mixeur ireo, hasiana rano kely hahazoana jus, dia iny no sotroina.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Berevo-Ranobe any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky

Ny tanànan'i Berevo-Ranobe any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Berevo-Ranobe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano. Any andrefan'ny faritra Melaky no misy azy. Mbola azo lazaina ho iva toerana ity tanàna ity, satria 22 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, ny katsaka. Ankoatra ny mpamboly sy mpiompy, mpanjono ihany koa ny mponina any Berevo-Ranobe, amin'ny maha-akaiky ranomasina azy, misy koa ny ranomamy.

